RAKOTOSON DANNY

Tsy mahavaha olana amin'ny firenena ny kitolotolotra fanaon'ny fitondrana

Tsy vahaolana ho an'ny fampandrosoana ny firenena ny fanolotolorana sakafo, sy fanomezana mandavan-taona, ho an'ny olom-pirenena ataon'ny fitondram-panjakana ankehitriny, hoy Andriamatoa Rakotoson Danny, mpanao politika no sady mpandraharaha. Nanohy fanazavana ity farany, fa dodona hanao sonia amin'ny fanomezana « Cantine Scolaire » ho an'ny mpianatra ny fitondram-panjakana, fa tsy mieritreritra ny zavatra hatao mba hampatanjaka ara-bola an'ireo Ray amandrenin'ny mpianatra Malagasy, mba hahafahan'ireto farany manome sakafo ara-dalàna ny zanany. Ny hampanan-karena ny vahoaka tsirairay no tokony himasoan'ny mpitondra amin'ny alalan'ny fametrahana drafitra fampandrosoana hoy ihany ity mpanao politika ity ary rehefa mahaleotena ny olom-pirenena dia lasa tsy miankin-doha,

Rakotoson Danny, mpandraharaha sady mpanao politika.

mahay miaina sy mihary, afaka mampivelatra ny fandraharahana izay sahaniny, no sady mandray anjara amin'ny fampivoarana ny toe-karena. Nanamafy Andriamatoa Rakotoson Danny, fa fotoana tokony hametrahana politikam-panarenana ho an'ny toekarena izao ao anatin'izany ny fisokafan'ny sisin-tany, izay hotanterahina amin'ity volana Oktobra 2021 ity izao ary tokony hametraka « Capacité humaine » amin'ny alalan'ny fanomezana « Mesure d'accompagnement » ho an'ny sehatr'asa rehetra ny fitondrana, mba hahafahan'ny mpisehatra ara-toekarena manainga indray ny fandraharahana eto Madagasikara. Nilaza ity mpandraharaha ity, fa raha manana finiavana hanatanteraka ny politika hoentina hanarenana ny toekarem-pirenena ny mpitondra dia tsy tokony hiantehitra amin'ireo fanampiana avy amin'ny mpamatsy vola iraisampirenena ary tsy ho sakana amin'ny fanatanterahana an'izany drafitra fampandrosoana izany ny fisian'ny « 3ème vague Coronavirus», satria efa manana fiarovana araboajanahary (Toetr'andro, toe-tany…) manoloana ny fiparitahan'ny aretina ny Malagasy. Nanohy ny fanehoan-keviny Andriamatoa Rakotoson Danny, fa efa miezaka manarina ny toe-karenany avokoa ireo mpitondra any ivelany manoloana ny fisian'ny « Covid » ary mbola tsy fantatra mazava hatramin'izao ny fanapahan-kevitra ho raisin'ny fitondram-panjakana manoloana ny fisokafan'ny sisin-tanin'i Madagasikara, mba hahafahan'ny Malagasy manarina indray ny fihariany.

Franck Razakambelo

FAHARESEN'NY BAREAN'I MADAGASIKARA

Naneho hevitra mahakasika izany i Faneva Ima

Manoloana ny faharesen'ny Barean'i Madagasikara tato ho ato, naneho hevitra mahakasika izany ny kapitenin'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra telo aloha: Faneva Ima. Niantso ny vahoaka Malagasy, mba hitambatra sy hiray hina izy. Nilaza ity mpilalao baolina kitra malagasy ity, fa vokatry ny tsy firaisankinantsika amin'ny fanohanana ny ekipantsika, no mahatonga ny Barea

Rakapy, na Faneva Ima, kapitenin'ny Barean'i Madagasikara teo aloha.

tsy misy hasina eo amin' ny hafa intsony. Nilaza koa izy, fa nangalatra ny mpitsara tamin'iny lalao tany Kinshasha iny. Ka miantso ny Malagasy rehetra ny tenany mba hiray fo, na ny mpitantana ny FMF na ny Minisitera na ny mpitia baolina kitra malagasy amin'ny fanohanana ny Barea, indrindra amin'ny lalao rahampitso hariva etsy Mahamasina.

Lita

BAREA

Resy lava noho ny hagaigen'ny mpitondra

Resy indray e, izay no azo ambara mikasika ny lalao baolina kitra nataon'ny Barean'i Madagasikara, roa no aotra be izao, indrisy fa toa ohatry ny mitady ho zatra izany faharesena izany isika malagasy.

Ny tiana hamafisina, fa eo amin'ny lalao baolina kitra dia manana toerana goavana eo amin'ny fahombiazana, ny tsy fidiran'ny politika eo amin'ny fitantanana.

Matoa tafakatra tany amin'ny CAN 2019 ny Barean'i Madagasikara, dia niezaka nikarakara tamin' ny lafiny fampahombiazana, tsy nisy nidiran'ny politika ny fitondrana Rajaonarimampianina, dia todisoa tany Egypta ny mpilalao malagasy, saingy ny loza dia ny filoha ankehitriny no nisandoka ny fahombiazan'ny fitondrana Rajaonarimampianina, ka mampivoy lava ny ''merci prezida'' kanefa dia filoha namantam-bonona, noho ny ezaka vitan'ny teo alohany.

Tamin'ny fiatrehantsika malagasy ny Can 2021 dia resy lava isika, satria variana manao antsojay ny filohan'ny Federasiona ny fitondrana, ankoatr' izay Ingahy Dupuis mpanazatra vahiny, tsy nahavita ny andraikiny intsony, fa lasa mpibizina araka ny fitenin'ny tanora, ka ny mpitondra mihitsy no manome vahana azy tamin' izany.

Nandray fanapahan-kevitra ny Filoha Rabekoto Arizaka Raoul, nanolo ny mpanazatra, ka Ingahy Eric Rabesandratana, no notendrena ho mpanazatra vaovao, dia nitranga ny fingampingana samihafa, ka natao mihitsy izay tsy ahazoan'ireo mpilalao vokatra tsara, toy ny famoronana lanonana eny andapa ny alina mialohan'ny niatrehan'ireo mpilalao ny fifanintsanana voalohany, kanefa mpilalao tokony hiala sasatra, faharesena teo Mahamasina ny vokany, avy eo indray tokony hanainga ny Alakamisy alina ireo mpilalao, saingy notazonin'Ingahy Filoha hanatrika ny fitokanana ny kianja ny Sabotsy, ka ny Alahady tamin'ny roa ora maraina vao niainga teny Ivato, kanefa ny Talata no natao ny lalao, ny vokany dia faharesena. Mazava ny tetika, fa ny hanaratsy endrika an'ilay mpanazatra nofidian'ny Filohan'ny Federasiona no tanjona, ary ny farany teo indray dia tsy tomombana ny fikarakarana, satria ilaozan'ny fitondrana mila kisa amin'ny Filoha Rabekoto Arizaka Raoul, dia mazava fa faharesena fanintelony indray.

Raha tiana hahomby ny baolina kitra dia tsy misy vahaolana afatsy ny fisintahan'ny fitondrana, sy ny tsy fitsabahana amin'ny fitantanana, satria efa voaporofo f'izay idiran-dRajoelina dia rava avokoa.

Ny Valosoa

Sakafo Ny Valosoa

Holatra amin'ny saosy tongolo gasy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty na lsary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny tsy fihinanana siramamy be

Ny soa azo avy amin'ny tsy fihinanana siramamy be indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto zavatra ireto no miseho amin'ny vatana rehefa mijanona tsy mihinana siramamy mandritra ny 2 herinandro fotsiny:

Lasa tsy mazoto mihinana siramamy, na sakafo mamy.
Tsy noana matetika.
Miala ny harerahana (fatigue).
Miala ny tavy amin'ny vatana, mihena ny lanja.
Tsy kizintina, tsy "stressé" na tsy tratran'ny rarintsaina, miha-milamintsaina.
Miala ny tasy amin'ny hoditra, ny mony, sns... miha-tsara ny hoditra.
Mihena tsikelikely ny fanaintainana sy "inflammation" amin'ny vatana.
Mikoriana tsara ny rà.
Mitombo tsara ny selan' ny atidoha.
Mihena ny tavy amin'ny aty.
Tsara ny fiasan'ny voa.
Noho izany, hahenao ny fihinanana siramamy sy sakafo mamy fa manimba.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Anjiajia any amin'ny distrikan'Ambato Boeny faritra Boeny

Ny tanànan'Anjiajia any amin'ny distrikan'Ambato Boeny faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao aandroany. Renivohitry ny kaominina Anjiajia ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'Ambato Boeny. Somary mbola iva toerana izy, satria 27 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any amin'ny faritra atsimo atsinan'ny faritra Boeny no misy an'Anjiajia. Vokatra any ny vary, ny tongolo, ny voankazo isan-karazany toy: ny manga, ny mahabibo.